# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Jolay 2018

# 28 Asabotsy
jolay

**Raha misy olona tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy, dia tsy mahazo miditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy.** Jaona 3. 5

**Mba tsy ho velona ho an'ny tenany intsony izay velona, fa ho an'Izay efa maty sy nitsangana hamonjy azy.**
2 Korintiana 5. 15

## Fomba roa ahaterahana sy iainana

Fomba iray ihany no nahatongavantsika rehetra teto an-tany, dia ny fahaterahana : fivoahana avy tao an-kibon'ny renintsika. Nefa ny Baiboly dia milaza amintsika fa ilaina koa ny fahaterahana indray, fahaterahana omen'ny Fanahy Masina. Izany dia ilay fotoana andraisan'ny olona iray ny fiainana mandrakizay sy idirany ho anisan'ny ankohonan'Adriamanitra. Inona no tokony hatao, mba hahazoana izany fiainana izany ? Ny mandray izany tsotra fotsiny, amin'ny maha fanomezana maimaimpoana izany, avy amin'Andriamanitra. Mandray io fanomezana io ny olona miaiky ny fahotany sy mino an'i Jesosy, Ilay Mpamonjy maty teo amin'ny hazofijaliana mba hanonitra ireo fahotany ireo.

---

Fomba iainana roa ihany no fantatry ny Baiboly.
— Afaka mihevitra aho hoe fananako manokana ny fiainako, renivola ampiasaiko amin'izay itiavako azy, ary tsy misy idiran'iza na iza. Izany no tantaran'ilay zanaka nania, nandao ny tranon-dray aman-dreniny mba hiaina ny fiainany (Lioka 15. 12-24).
— Fa taomin'Andriamanitra kosa aho, rehefa nino Azy, mba ho velona ho an'i Jesosy Kristy. Manomboka hatreo aho dia velona ho an'Ilay nitia ahy sady tiako. Fomba hafa no ivelomako, mba hahafaly Azy. Nitia ahy fatratra Jesosy, ka maty mihitsy mba hamonjy ahy, Izy no nahazo ny toerana voalohany ao amin'ny fitiavako. Fahiny ny sitrapoko manokana dia nitondra ahy lavitra an'Andriamanitra, fa ankehitriny kosa dia ny sitrapony, izay tsara sady hendry, no mitantana ny fiainako. Tsy ho fanompoana mavesatra amiko izany, fa famaliako am-pana ny fitiavany amin'ny fitiavako.
„Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy *(Jesosy)* no nanolotra ny ainy hamonjy antsika ; ary isika kosa mba tokony hanolotra ny aintsika hamonjy ny rahalahy *(ny mpino)*" (1 Jaona 3. 16).